

Commission Electorale Nationale Indépendante



CENI/SEA/DIREELCOM/SCRIP- 018 -17

FAMPITAM-BAOVAO

Antananarivo 15 septembra 2017

Nampahafantarina ampahibemaso androany ny tomban'ezak'ireo asa nirotsahan'ny CENI nandritra izay fe-potoam-piasana nodiaviny izay. Isan'ireo nanehoana izany ireo tompon'andraiki-panjakana, ireo mpiara-miombon'antoka ara-bola sy ara-teknika ary indrindra ny mpanao gazety izay mampita amin'ny olompirenena. Nambaran'ny Filohan'ny CENI, Me Hery RAKOTOMANANA fa ny mangarahara ao anatin'ny zotram-pifidianana dia miantoka ny filaminana amin'ny asa rehetra izay tanterahina amin'ny ho avy. « Hatramin'ny fiantombohany ka hatramin'izao, manana adidy hampahafantatra ny zavatra rehetra izay ataony ho an'ny vahoaka ny CENI ho fiantohana ny mangarahara eo amin'ny fomba fitantanana ny fifidianana », hoy hatrany ny Filohan'ny CENI. Ny fiantohana ny mangarahara izay antom-pisian'izao fampahafantarana ampahibemaso izao.

Asa tena ifantohan'ny CENI amin'izao fotoana izao ny fanomanana ny fifidianana, ny fanatanterahana ireo asa isan-tokony mba hahamora ny fitantanana ny fifidianana ho avy, fa indrindra amin'ny fifidianana filoham-pirenena amin'ny taona 2018.

Araka izany, nametraka asa maro mifampitohy ny CENI nanomboka tamin'ny volana martsa 2016 manaraka ireo fandaharan'asa hita ao anatin'ilay anton-kevitra novolavolain'ny CENI tao anatin'ny drafitrasany. Isan'izany: ny fanamafisana ireo traikefa fampiharana ny demokrasia efa nampiasaina hatramin'izay, ny fanatsarana ny fitantanana fifidianana, ny fanabeazana ara-pifidianana sy ny serasera. Sehatra telo amin'ny fanomanana fifidianana, niainga tamin'ireo fandaharan'asa isan-tsokajiny dia ny fanamafisana ny traikefan'ireo mpikambana ao amin'ny CENI sy ireo mpisehatra rehetra amin'ny fifidianana, ny fanatsarana ireo didy aman-dalàna mifehy ny fifidianana ary ny ezaka hananana lisi-pifidianana azo antoka.

Fanamafisana traikefa

Ny taona 2016, nisy ny fiofanana BRIDGE ((Building Ressources in Democracy, Governance an Elections.) in-droa miantaona, nandraisan'ireo mpikambana ao amin'ny birao maharitra sy teknisianina eto anivon'ny CENI Foibe sy ireo rantsa-mangaika maromaro anjara. Fiofanana nanamafisana traikefa ireo mpikirakira sy mpanofana momba ny fifidianana.

Nanofana sy nanamafy fahaiza-manao ireo rantsaman-gaikany manerana ny nosy ny CENI ny volana jolay 2017 lasa teo. Izany no natao dia ny hananana fomba fiasa matihanina sy manaraka ny fenitra hanatsarana ny fitantanana fifidianana eto Madagasikara. Nandray anjara tamin'izany avokoa ny rantsa-mangaika rehetra, manomboka teny anivon'ny faritany sy faritra, hatrany amin'ny Distrika. Fanamafisana fahaiza-manao, izay notohanana'ny Fandaharan'asan'ny firenena mikambana ho an'ny fampanandrosoana. Amin'izao fotoana izao ihany koa, efa miomana amin'ny fanamafisana ny traikefa efa ananan'ireo mpisehatra rehetra amin'ny fifidianana ny CENI.

Didy aman-dalàna

Tafiditra ao anatin'ny tanjon'ny CENI ny fanatsarana ireo didy aman-dalàna mifehy ny fifidianana. Nisy ireo atrikasa nifanesy namolavolàna ireo antontan-kevitra mifandraika amin'izany. Efa vita tanteraka ny asa izay niarahan'ny CENI tamin'ilay vaomiera fakan-kevitra sy mpandinika ny fanatsarana ireo didy aman-dalàna mifehy ny fifidianana. Taorian'izay, natolotra ara-pomba ofisialy ny Praiministra, lehiben'ny Governemanta io antontan-kevitra io. Mifantoka amin'ny fandinihana ireo sosokevitra nivoaka tamin'izany kosa ilay komity iraisan'ny Ministera mba hahafahany mamolavola ireo volavolan-dalàna miantoka ny fangaraharan'ny fifidianana.

Lisi-pifidianana

Tsara ny vokatra tamin'ny fanavaozana isan-taona ny lisi-pifidianana (RALE) 2016-2017. Niakatra hatramin'ny 6,33% ny tahan'ireo nisoratra anarana tamin'izany manerana ny nosy, raha tsy nisy afa-tsy teo amin'ny 2% izany fitomboana izany teo aloha. Tsy ny isa ihany no nenjehina tamin'izany fa teo indrindra ihany koa ny fitadiavana ny kalitaon'ny lisi-pifidianana. Tanjona hatrany ao anatin'izany ny hiantohana ny fifidianana madio sy andraisan'ny rehetra anjara. Mbola mijanona ho tanjona goavan'ny CENI moa ny hanatratra ny isan'ny mpifidy 10 tapitrisa farafahakeliny misoratra anarana ao anaty lisi-pifidianana hatramin'ny taona 2018 raha toa ka manodidina ny 9 tapitrisa mahery izy ireo amin'izao fotoana izao.

Mifanindran-dalana amin'io fanatsarana ny lisi-pifidianana io, nanatanteraka fiofanana ho an'ireo teknisianina ara-kajimirindra ny CENI ny taona 2016. Nisongadina tamin'izany ny fikirakirana ny logiciel ORACLE, fitaovana iray hitantanana ireo antontan-kevitra momban'ny fifidianana, manaraka ny fenitra iraisam-pirenena.

Tokana ny zava-kendren'ny CENI dia izay voafehin'ny vina napetrany, dia ny: **« Fitantanana fifidianana azo antoka sy demokratika »**, izay efa natao ho zava-dehibe nandritra izay roa taona nolalovany izay, ary mbola hamafisina sy hilofosana, hatrany amin'ny faran'ny fe-potoam-piasany.